ALAHADY FAHA-13 MANDAVANTAONA - TAONA B

« Anaka, ny finoanao no nahavonjy anao ;
mandehana amim-piadanana » (Mk. 5: 34)

Ry Kristianina havana, izao Alahady tsotra faha-13 mandavantaona izao no anombohantsika ny volana jolay izay volana manandanja ho antsika eto amin'ny diosezy satria fotoana hivorian'ny pretra rehetra antsointsika hoe "mois sacerdotal". Miavaka ny volana jolay amin'ity taona ity satria ny 16 ka hatramin'ny 21 jolay no hivoriantsika eto Antsiranana renivohitry ny diosezy mikasika ny filankevitra pastôraly amin'izao 60 taonan'ny arsidiosezy izao ka hidirantsika amin'ny ezaka vaovao hahatonga antsika ho génération mpanorina Eglizy Tranon'Andriamanitra sy Eglizy Olona Velona, hahatonga antsika hiroso amin'ny lalindalina kokoa ny amin'ny fiainam-pinoana araky ny averintsika matetika amin'izao fotoana mandavantaona izao.

Vakiteny I : Fah. 1, 13-15; 2, 23-25
Tononkira : Salamo 29
Vakiteny II : 2 Kôr. 8, 7. 9.13-15
Evanjely : Mk. 5, 21-43

Fandalinam-pinoana hahatonga antsika hitoetra bebe kokoa ao amin'i Jesoa sy itoerany koa ka hamokatra voa tsara ary ho feno hafaliana sy fiadanana. Izany no rarintsika ka hanaovantsika vavaka totoafo, hangatahintsika ny Fanahy Masina satria izy no hanova ny fiainantsika, hampiova antsika ho tsara kokoa sy hahatonga antsika ho tena mpanorina, sanatrian'izany ho mpandrava, ho mpanakorontana.

Izany asongadin'ireo vakiteny androany Alahady tsotra faha 13 mandavantaona. Ny hahavelona antsika tokoa no irin'Andriamanitra, izany no maha génération mpanorina antsika sy mahatonga antsika ho mpamokatra.

Ny vakiteny voalohany manambara fa Andriamanitra tsy nanao fahafatesana, tsy irin'Andriamanitra isika ny ho faty fa isika be siasia ka nanota. Ny fahotana no nampiditra ny fahafatesana eto amintsika. Ny fialonan'ny demony no nidiran'ny fahafatesana amin'izao tontolo izao. Voatariky ny demony isika matetika ka toy izay mamelona dia mamono na amin'ny teny ataontsika aza.

Ny vava ratsy ataontsika dia tena mamono satria feno fankahalana sy fanilikilihana ka manapotika ny hafa. Matetika isika mamono amin'ny ataontsika hatramin'ny zaza madinika mbola ambohoka aza dia efa vonoantsika amin'ny fanalana zaza (avortement). Matetika isika voatarika amin'ny asan'ny demony ka zary mamono noho ny fialonana ohatra ny namonoan'i Kaina an'i Abela rahalahiny, zava-misy hatramin'ny voalohany fiandohan'izao tontolo izao ka mitohy hatramin'izao. Noho ny fahotana dia voasarika isika hanao ny ratsy, manapotika isika ary tsy isika samy isika ihany fa manapotika koa ny zava-boahary amin'ny fandoroana ala. Fahafatesana izany rehetra izany. Izay itoeran'i Jesoa anefa sy mitoetra ao amin'i Jesoa dia miova ny fiainany. Averimberintsika matetika fa mila ny fiovana sy fanavaozana ny fiainantsika ary raha te hihavao isika dia aoka hitoetra ao amin'i Jesoa ary hitoeran'i Jesoa satria amin'ny alalan'izany ihany no làlana hahatonga antsika ho génération mpanorina.

Enga anie amin'izao "mois sacerdotal" izao ho tsapantsika eveka, pretra, relijiozy, lahika kristianina fa ny mitoetra ao amin'i Jesoa sy itoerany no mahatonga antsika ho génération mpanorina hanavao ny fiainantsika ka hanorina ETA sy EOV. Tanterahin'i Jesoa izany araka ny ambaran'i Md Marka ao amin'ny Evanjely androany, eo anivontsika tokoa i Jesoa ka izay mandray azy tahaka an'i Jaira izay vahiny nefa natoky an'i Jesoa dia handray fahasoavana ary dia mamokatra ny fiainana. I Jesoa tokoa no nampiova ny fiainany ka niankohoka tamin'ny tongotr'i Jesoa niangavy hanasitrana ny zanany vavy. Marary ny fiainantsika, marary ny Eglizy, marary ny fianakaviana, marary ny fiaraha-monina, aoka ho tahaka an'i Jaira isika fa indrindra amin'izao filankevitra pastôraly izao hitalaho, handohalika araky ny voalazan'i Md Paoly, hivavaka hanana ny tena fitiavana marina satria io no mampiova ny fiainantsika. Ka hiaraka hivavaka isika mba hanatona an'i Jesoa ka izy hanoro antsika ny làlan-kombana. "Aza matahotra fa minoa fotsiny ihany", marina ilaina ny fiekem-pinoana tsy ho tononina ambava fotsiny fa ilaina kokoa ny maha latsapaka azy ao am-pontsika dia ho voavonjy isika. Ny famantarana faharoa dia milaza an'ilay vehivavy nitsi-drà, feno finoana izy ka nitady hikasika na ny lamban'i Jesoa fotsiny aza ary sitrana izy satria nino. Mitaky antsika hanana finoana sy hiaraka hatrany amin'i Kristy ny maha Kristianina mba hanova ny fiainantsika, raha manatanteraka ny sitrapony isika dia miova ny fiainantsika.
Niditra tao amin'ny tranon'i Jaira i Jesoa . Nitondra an'i Piera sy Jakoba ary Joany izy , mpianatra telo izay nentiny nivavaka teny an-tendrombohitra ireo tamin'Izy niova tarehy. Izany no antenaintsika amin'izao filankevitra pastôraly izao mba hiova ny fomba fiainantsika ka hiova tokoa tahaka ireo mpianatra telo nahita ny hatsaran-tarehin'i Jesoa isika ka nilaza hoe "Aoka isika hanorina trano lay eto". Izany koa no niseho tamin'ny zanakavavin'i Jaira, niova izy satria nino ny fisian'i Jesoa.
Efa lo ny fiainantsika fa i Jesoa tonga hanavao ny fiainantsika Izy no fiainana mamelona antsika raha mandray azy isika sy manaiky itoerany ka mampitsangana antsika izy. "Mitsangana " hoy izy tamin'ny zanakavavin'i Jaira. Ny zava mahagaga ataon'Andriamanitra dia misy eo amin'ny fiainantsika ary tsy androany ihany fa hatramin'ny voalohany, tahaka ny hitantsika tamin'ny tantaran'ireo mpaminany toy i

Elizea satria nampandroso an'Andriamanitra tamin'ny fiainany izy ireo. Izany koa no irintsika amin'izao filankevitra pastôraly izao hampandroso an'i Jesoa amin'ny fiainantsika tsirairay isika. Isaorantsika Andriamanitra nampahafantatra antsika an'i Jesoa. Enga anie isika samy hahatsapa fa maro ny zavatra manapotika ny fiainantsika na ny fiainan'ny Eglizy na ny fiainan'ny fiaraha-monina na ny fiainan'ny fianakaviantsika, ka aoka isika hahay hampandroso an'i Jesoa mba hahafahantsika tokoa mitoetra ao aminy. Izao filankevitra pastôraly no vanimpotoana hanambarantsika hampahibemaso fa mampandro an'I Jesoa isika

"Ny finoanao no mahavonjy anao", isika mampiditra an'i Jesoa eo anivon'ny fiainantsika ka mampitoetra azy tokoa ao amintsika ary manatanteraka ny sitrapony dia ny fahamarinana, ny fifankatiavana, ny fahazotoana mivavaka, ny fahatahorantsika azy ary ny fandraisantsika an-tànana, ny fahafoizana tahaka ny nataon'i Lucien Botovasoa fa izy tokoa no lohalaharana amin'ny fiainantsika dia ho sitraniny isika. Ho sitranin'I Jesoa ireo manapotika sy mandrava ny fiainantsika ka hanorona ETA sy EOV miaraka Aminy isika.

Manantitrantitra an'izany i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa mba hifanampy sy hifarimbona eo amin'ny fiainantsika ka hifanasoa ary hanao asa fiantrana, hikarakara sy hikolokolo, izany rehetra izany no vokatry ny fihavaozana. Mahafoy ny fiainany, mahafoy ny fotoana ary mikatroka tokoa, mijoro ho vavolombelona, manompo. Izany no fanatanterahana ny 5F (Fahafoizana, Faharetana, Fahasahiana, Fanetrentena, Fitiavam-bavaka) sy ny 5M (Mivavaka, Mandalim-inoana, Mikatroka, Manompo, Mandray an-tànana) hahatonga antsika ho ETA sy EOV.
Mananatra antsika i Md Paoly mba hiroso amin'ny lalindalina kokoa. Volana manandanja amintsika eto amin'ny diosezy tokoa ny volana jolay izao ka aoka hanao vavaka totoafo isika tahaka ny nataon'I Zaira hanao lemozy hitalaho mba ho havaozin'Andriamanitra sy ho sitraniny ity fiainantsika marofy ity.

Ry Jesoa Kristy Tomponay ô, ianao no tompon'ny aina na amin'ny ara-nofo na amin'ny ara-tsaina ka ndreto izahay mitalaho mba ho velominao lalandava amin'ny tena aina mahavelona izahay dia ny tenanao sy ny teninao. Mivavaka koa izahay amin'izao volana jolay mois sacerdotal hanaovanay filankevitra pastôraly, enga anie izahay ho tena fiainana feno anao tokoa ka ho sitrana ny zavatra mahatonga aretina mikiky anay ka hahatonga anay ho tena génération mpanorina tokoa izahay, ho tena génération mamokatra tokoa izahay, mamokatra ETA sy EOV. Ny fiainam-pinoanay anie ho tahaka an'i Zaira ka ho sitraninao tokoa izahay ho afaka hijoro vavolembelona tahaka an'i olontsambatra Lucien Botovasoa ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson